**A Ny fiandoan'ilay ady**

- ❖ Efa nisy fikomiana amin'Andriamanitra talohan'ny nisian'ny olombelona (Gen. 3:1). "Fahavalo" no iantsoan'i Jesosy io zava-manan'aina izay mamafy tsy fahatokiana eo amin'Andriamanitra sy ny zavaboariny io, dia ilay nambarany hoe devoly (Mat. 13:39). Andriamanitra ve no namorona ny devoly, izany hoe namorona zava-manan'aina ratsy ve Andriamanitra?
- ❖ Ny Baiboly dia milaza amintsika fa ny devoly dia anjely antsoina hoe Losifera (Is. 14:12). Tonga lafatra sy tsara tarehy no namoronana io anjely io (Ezek. 28:12). Nasandratra ho eo amin'ny toerana avo indrindra izay azon'ny anjely andrandraina izy: kerobima mpiaro (Ezek. 28:13-14).
- ❖ Nomen'Andriamanitra fahafahana hisafidy izy, toy ny zavaboariny rehetra, ary, tsy hay hazavaina, fa nanapa-kevitra ny hikomy i Losifera, ary naniry ny hipetraka eo amin'ny seza fiandrianan'Andriamanitra (Ezek. 28:15; Is. 14:13-14).

**B Fikomiana tany an-danitra**

- ❖ Tamin'ny faniriany haka ny seza fiandrianan'ny lanitra dia nitondra fisalasalana tao amin'ny anjely momba ny fahamarinan'ny fitondran'Andriamanitra i Losifera. Tsy zava-manan'aina afaka ve izy rehetra? Nahoana no milefitra amin'ny lalàna henjana sy, mety ho, tsy ara-drariny na aingitraingitra?
- ❖ Nolavin'i Losifera avokoa ny antsom-pitiavan'Andriamanitra ho amin'ny fiovam-pitondrantena.
- ❖ Nanjary ady an-karihary ilay fikomiana, ady izay tsy maintsy nandraisan'ny anjely tsirairay fanapahan-kevitra. 1/3 tamin'ny anjely no nanaraka an'i Satana, fa ny ambiny kosa nitoetra mahatoky tamin'Andriamanitra (Apok. 12:4a).
- ❖ Mbola mitohy ny ady ankehitriny. Mbola miasa i Satana. Miezaka mitaona ny olona rehetra hikomy amin'Andriamanitra izy. Tsy misy afa-tsy antoko roa. Ireo izay te hankatò ny Lalàn'Andriamanitra, sy ireo mandà izany. Antsika ny fanapahan-kevitra (Deot. 30:11, 16, 19; Jos. 24:15).

**D Fikomiana eto an-tany**

- ❖ Noforonin'Andriamanitra tao amin'ny tontolo tsy misy pentim-pahotana, fa tonga lafatra toy ny namoronany ny anjely isika (Gen. 1:31).
- ❖ Noharian'Andriamanitra hanana fahafaha-misafidy koa isika. Baiko tsotra no nomeny an'i Adama: "fa ny hazo fahalalana ny tsara sy ny ratsy dia aza ihinanana." (Gen. 2:17).
- ❖ Tamin-kafetsena no nitarihan'i Satana an'i Adama sy Eva hisalasala ary tsy hankato Azy (Gen. 3:6, 9-13, 19). Nanokatra varavarana hidiran'ny ota i Adama, ka nifindra tamin'ny olona rehetra ny fahafatesana (Rom. 5:12). Manonitra ny fahotan'i Adama ve isika rehetra?
- ❖ Samy manonitra ny fahotantsika avy isika: "fa samy efa nanota izy rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra" (Rom. 3:23).

**E Manohitra ny fitiavana**

- ❖ Na dia talohan'ny nanambarany ny vokatry ny tsy fankatoavana aza, dia nampahafantarin'Andriamanitra tamin'i Adama sy i Eva fa efa misy drafitra ho fanavotana azy ireo (Gen. 3:15).
- ❖ Nisaraka an-tsitrapo tamin'ny Mpamorona ny olombelona. Saingy tsy nandao ny zanany tsy mahay mankasitraka anefa Andriamanitra, fa naneho ny tena toetrany tamin'ny fitiavany azy ireo izay mihoatra ny finoana (Jaona 3:16).
- ❖ Tsy voatery ho anjara mandrakizay ho an'ny mpanota ny fahafatesana. Naneho ny fitiavany tamin'ny nandoavany ny sandan'ny ota tamin'ny ainy i Jesosy (Rom. 5:8).
- ❖ Tsy misy na inona na inona ao amintsika izay mahatonga antsika ho mendrika ny fitiavan'Andriamanitra. Kanefa, isaky ny piti-dra kely nalatsak'i Jesosy tao Kalvary, dia hoy Andriamanitra amintsika: "Tiako ianao."

**F Ilay ady ankehitriny**

- Ankehitriny dia mifona ho antsika ao amin'ny Fitoerana Masina any an-danitra i Jesosy (Heb. 9:24; 7:25).
- Amin'ny alalan'ny rany izay nalatsany teo amin'ny hazo fijaliana, dia maneho antsika eo anatrehan'ny Ray – sy eo anatrehan'ny mponin'izao rehetra ary izao – ho olona marina sy tonga lafatra, mendrika ny hanana toerana any an-danitra i Jesosy.
- Noho izany, dia asaina manatona an'Andriamanitra amim-pahatokiana amin'ny alalan'i Jesosy isika (Heb. 4:15-16).
- Tian'i Jesosy ny hianteherantsika Aminy amin'izay filana rehetra eo amin'ny fiainantsika (Jaona 14:13-14). Eo amin'izay misy tahotra, dia mitondra fiadanana Izy; eo amin'izay misy fahamelohana, dia mitondra famelan-keloka Izy; eo amin'izay misy fahalemena, dia mitondra hery Izy.
- Ny fanirian'i Jesosy lalina indrindra dia ny hiaina miaraka amintsika mandrakizay (Jaona 17:14). Izany koa ve no fanirianao lalina indrindra?